



Lun 13 Avr 2020

NY FIORENANA EO AMIN'NY TOMPO
L'ENRACINEMENT DANS LE SEIGNEUR

Mitarika : Pst Donald Gizy

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina. Amen ! - *Au Nom de Dieu Père, Fils et Saint-Esprit. Amen !*

Fampidirana fohy – Brève introduction

Hira (Chant) chorale

Fizaràna 1 : MIORINA AMIN'NY FAHASOAVAN'ANDRIAMANITRA

Partie 1 : ENRACINE DANS LA GRÂCE DE DIEU

Texte 1 : Efes. (Ephés.) 2, 8-9 :

8 Fa Fahasoavana no namonjena anareo amin'ny Finoana. Ary tsy avy aminareo izany fa fanomezana avy amin'Andriamanitra, 9 tsy avy amin'ny asa fandrao hisy hirehareha.

8 En effet, c'est par la Grâce que vous êtes sauvés, par le moyen de la Foi. Et cela ne vient pas de vous, c'est le don de Dieu. 9 Ce n'est pas par les œuvres, afin que personne ne puisse se vanter.

Toriteny 1 : « Fahasoavana no namonjena anareo » - Prédication 1 : « C'est par la Grâce que vous êtes sauvés » :

A/ Fahasoavana no nitondrana ny Famonjena – La Grâce apporte le Salut :

Ny Fahasoavana dia fanomezan'Andriamanitra maimaim-poana ny Famonjena ho an'ny olona. Izay no Sitrapon'Andriamanitra ho anao. Ny hahazoana ny Famonjena izany no anton'ny Fahasoavana, izay no kendreny.

La Grâce est le fait par Dieu de donner gratuitement le Salut pour les êtres humains. Voilà la Volonté de Dieu pour toi. C'est la réception du Salut qui en est l'objet.

1. Lafo vidy dia lafo vidy tokoa ny Famonjena satria vidin'Ain'i Jesosy izany. Matetika isika olombelona dia tsy dia manisy lanjany loatra izay zavatra azo maimaim-poana. Kanefa aoka ho fantatsika fa tsy voavidim-bola aman-karena ny Famonjena. Novidian'i Jesosy tamin'ny Ainy ny Famonjena anao, ry havana

Le Salut a un coût incommensurable car il a été obtenu au prix de la vie de Jésus. Souvent, l'être humain accorde peu d'importance à ce qui est gratuit. Mais il faut que nous sachions qu'aucune richesse matérielle ne peut acheter le Salut. Jésus a acheté ton Salut par sa Vie

2. Na izany aza anefa dia atolotr'Andriamanitra maimaim-poana izany. Maimaim-poana na dia farany izay tena lafo vidy aza. Izany hoe tsy mitady asa avy amintsika, tsy mitaky ezaka avy amintsika : « Ary raha avy amin'ny Fahasoavana izany, dia tsy mba avy amin'ny asa intsony. Fa raha izany, dia tsy Fahasoavana intsony ny Fahasoavana », hoy ny Rom. 11, 6

Mais Dieu a voulu t'offrir cela gratuitement. Un don gratuit même si on ne peut l'acheter avec de la richesse. Cela veut dire que ce don ne nécessite aucune œuvre de ta part ni ne requiert aucun effort non plus : « Or, si c'est par grâce, ce n'est plus par les oeuvres, autrement la Grâce n'est plus une Grâce », dit Rom. 11, 6

3. Endri-Pahasoavana vitsivitsy – *Quelques aspects de la Grâce* :
 - a. ny nanjairan'Andriamanitra « akanjo hoditra ho an'i Adama sy ny vadiny ka nampikanjo azy » (Gen. 3, 21) taorian'ny nahalavoan'izy ireo – *quand Dieu « fit des habits en peau pour Adam et pour sa femme, et Il les leur mit » après leur chute*
 - b. ny niantsoan'Andriamanitra an'i Abrama sy nanaovany Fanekena taminy – *la vocation d'Abram et les promesses que le SEIGNEUR Dieu a faite avec lui*
 - c. ny fanavotana ny Hebreo tamin'ny fahandevozana tany Egypta – *la délivrance des Hébreux de l'esclavage en Egypte*
 - d. ny nisian'ireo Mpaminany maro nampita ny Tenin'Andriamanitra sy nampahery ny vahoaka – *la mission des nombreux prophètes qui ont transmis la Parole de Dieu et qui ont réconforté la peuple*
 - e. ny fahatongavan'i Jesosy tety an-tany – *la venue de Jésus sur la terre*
 - f. ny Famonjena antsika teo amin'ny Hazo-Fijaliana – *notre Salut sur la Croix*
 - g. ny famangian'i Jesosy ny mpianany taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty sy ny nanirahany azy – *la visite de Jésus à ses disciples après sa Résurrection et leur envoi*
 - h. ny nandraisan'ny mpianatra ny Fanahy Masina *la réception du Saint-Esprit par les disciples*
 - i. ny nanomezan'Andriamanitra ny anjara fanompoan'ny Fiangonana – *le service de l'Eglise*

B/ Avy amin'Andriamanitra ny Fahasoavana – La Grâce vient de Dieu :

Hentitra sady mazava ny ambaran'ny and. 8b-9 fa tsy avy amintsika na ny asantsika ny Famonjena antsika, fa avy amin'Andriamanitra – *Les vv. 8b-9 sont on ne sait plus clairs et disent que la Grâce ne vient ni de nous ni de nos performances, mais elle vient de Dieu :*

1. Fahasoavana avy amin'Andriamanitra no nahazoana ireo fahagagana maro – *les miracles nous ont été données par pure Grâce* :
 - a. ny nitondran'i Saraha vohoka sy niterahany na dia efa antitra aza izy *la grossesse de Sarah et son accouchement pendant sa vieillesse*
 - b. ireo fanasitranana nataon'i Jesosy – *les guérisons opérées par Jésus*
 - c. nahazoan'ireo Apôstôly nanao fahagagana – *les miracles produits par les Apôtres*
 - d. ny fibebahana vokatry ny fitoriana ny Filazantsara - *la repentance produite par la prédication de l'Evangile*
2. Fady antsika ny mirehareha rehefa nahitam-bokatra tsara ny asa nataontsika satria fangalaram-boninahitra izany. Tsy misy asa tanteraka eo amin'ny Fiangonana raha tsy

ny Tompo no nanao azy. Ka ireo « vokatry ny Fanahy » dia azontsika noho ny Fahasoavan'Andriamanitra fa tsy noho ny fahaizantsika na ny traikefantsika – *Il ne faut pas s'enorgueillir quand ce que nous avons vécu donne de bons résultats car ce serait une usurpation de Gloire. Aucune œuvre de l'Eglise ne peut être réalisée sans l'intervention agissante du Seigneur. Les « fruits de l'Esprit » deviennent réelles par la Grâce de Dieu et non par nos performances :*

- a. ny miteny amin'ny fiteny tsy fantatra – *la glossolie ou le parler en langues inconnues,*
 - b. ny manasitrana – *la guérison,*
 - c. ny mandroaka fanahy maloto - *l'exorcisme,*
3. Tsy manan-kery na fahaizana na traikefa na fahafaha-manao ny Asan'Andriamanitra isika fa ny Fahasoavan'Andriamanitra no manao izany ao amintsika. Noho izany dia – *Nous ne disposons d'aucun pouvoir pour faire les œuvres de Dieu mais c'est la Grâce de Dieu qui agit en nous ? C'est pour cela que :*
- a. aoka tsy hanao ny Asan'Andriamanitra raha tsy efa ho nangataka ny Fahasoavany hanaovana izany Asa izany – *personne ne se risque à faire telle ou telle œuvre de Dieu si elle n'a pas demandé la Grâce de Dieu au préalable*
 - b. manome Fanomezam-Pahasoavana ho enti-manompo Azy Andriamanitra – *Dieu octroye les dons pour son service*

C/ Ny amin'ny fanomezam-Pahasoavana - Sur les dons :

Mampianatra antsika ny amin'ny fanomezam-Pahasoavana Rom. 12 sy ny 1 Kor. 12 – *Rom. 12 et 1 Cor. 12 nous enseignent sur les dons :*

1. maro karazana nefa – *ils sont nombreux mais :*
 - a. samy ilain'ny Asan'Andriamanitra izy ireo – *Dieu a besoin de tous les dons,*
 - b. mifameno izy ireo – *ils sont complémentaires*
 - c. ny hanompoana an'Andriamanitra eo amin'ny Fiangonana no antony nanomezan'Andriamanitra azy ireo = ny hanaovana ny Asan'Andriamanitra fa tsy hireharehana – *Dieu nous en fait bénéficiaire pour son service dans l'Eglise = pour servir Dieu et non pour se vanter*
 - d. ilain'Andriamanitra hiainana ho amin'izany izy ireo (cf. fanoharana ny amin'ireo talenta folo) – *c'est clairement pour ces raisons que Dieu nous les donne (cf. la parabole des dix talents)*
2. fananan'Andriamanitra nomeny hampiasainao hanompoanao Azy eo amin'ny Fiangonana ny Fanomezam-pahasoavana – *les dons appartiennent à Dieu, Il te les offre pour son service dans l'Eglise :*
 - a. « mangataha dia ho omena ianareo, mitadiava dia hahita ianareo, dondony dia ho vohaina ianareo », hoy i Jesosy mampianatra ao amin'ny Lio. 11, 9. Ary sao dia – « *Demandez et l'on vous donnera, cherchez et vous trouverez, frappez et l'on vous ouvrira* » enseigne Jésus dans Luc 11, 9. *Mais peut-être que :*
 - i. tsy nangataka kosa isika eh ? – *nous n'avons pas demandé ?*
 - ii. diso fangataka ka – *nous avons mal demandé :*
 - talenta ho enti-miseho vahoaka no nangatahina – *et nous avons demandé des dons pour se faire voir ?*

- vokatra tsara ho enti-mieboebo na hahazoana tombony no nangatahintsika – *de bons résultats pour se pavaner ou pour pouvoir en tirer des bénéfices ?*
- iii. amin'izany anefa dia aoka hazava fa isika tsy mahavita na inona na inona fa Andriamanitra Tompo no mahefa ny zavatra rehetra – *qu'il soit clair que nous ne pouvons rien et que c'est Dieu qui pourvoit à la réalisation de ses œuvres*
- b. hoy ny 1 Kor. 14, 12 : « toy izany koa ianareo, raha fatra-paniry zava-panahy, dia izay hampandroso ny Fiangonana no tadiavo indrindra » - *1 Cor. 14, 12 dit : « Vous de même, puisque vous aspirez aux dons spirituels, cherchez à posséder avec abondance ceux qui édifient l'Eglise » :*
 - i. mazava tsara ny ambaran'ny Sitrapon'Andriamanitra eto : « izay hampandroso ny Fiangonana » hoy izy fa tsy izay isehoan'ny fahatsaranao na ny fahaizanao – *la Volonté de Dieu est bien annoncée ici : c'est l'édification de l'Eglise mais pas pour que l'on te remarque*
 - ii. fanompoana araka ny Sitrapon'Andriamanitra izany no atao fa tsy hoe rehefa zavatra misy endrika fanompoana dia tokony hihazakazahana avokoa - *il s'agit de servir le Seigneur selon sa Volonté : il ne s'agit pas de courir après toutes les formes de service*
 - iii. tsy ny habetsaky ny fanompoana natao no zava-dehibe fa ny nanaovana azy araka ny Sitrapon'Andriamanitra ka nanirahany ny Fiangonana. Tsara ho eo amin'ny sahan'ny Fiangonana mandrakariva ny fanompoana no atao – *l'important n'est pas le nombre de services accomplis mais de les avoir fait selon la Volonté de Dieu. Il vaut mieux assurer ces services dans le cadre de l'Eglise*
- c. sitraho tsy am-pisalasalana ny fanompoana an'Andriamanitra « Fa ny fiantsoan'Andriamanitra sy ny fanomezam-Pahasoavany dia tsy misy hanenenany », hoy ny Rom. 11, 29. Andriamanitra efa voalaza mazava fa tsy hanenina amin'ny niantsoany anao ho isan'ny Fiangonana hanehoany ny Voninahiny sy hiasa hitory ny Filazantsarany ka asa ianao na ho menatra amin'izany na tsia – *avance sans hésiter vers le service de Dieu car « les dons et l'appel de Dieu sont irrévocables », dit Rom. 11, 29. Dieu ne regrettera pas de t'avoir appelé à son service pour te manifester sa Gloire et pour que tu prêches l'Évangile, et toi : en auras-tu honte ?*

Vavaka isan-tokan-trano - Prière familiale :

- ho an'ny ankohonana : mba samy – *pour la famille : afin que :*
 - hanao ho vain-dohan-draharaha mahamaika ny handraisana sy hankatoavana ny Fahasoavan'Andriamanitra ny mpianakavy – *la famille mette au premier rang de ses priorités l'acceptation et le respect de la Volonté de Dieu*
 - tahaka ny nampianarin'ny mpaminany Hagay, dia mba samy hametraka ny Asan'Andriamanitra amin'ny toerana ambony sy voalohany indrindra avy ny tsirairay – *comme l'a enseigné le prophète Aggée, que chaque membre de la famille mette à la plus haute et à la première place l'œuvre de Dieu*
- ho an'ny Fiangonana : mba samy - *pour l'Eglise : afin que :*
 - hanetry tena ho eo ambanin'ny Fahasoavan'ny Tompo ny mino ka samy hanaiky fa tsy misy mahefa na inona na inona fa Andriamanitra irery no miasa

hanatanteraka araka ny famindram-pony – *chaque membre de l'Eglise adopte l'humilité d'accepter qu'il n'a aucun pouvoir mais que c'est Dieu seul qui œuvre selon sa miséricorde*

- ho an'ny kristiana tsirairay, mba – *pour chaque chrétien : afin :*
 - ✓ hangataka ny fanomezam-Pahasoavana ho enti-manompo ny Tompo – *de demander au Seigneur les talents pour Le servir*
 - ✓ tsy hisy hifampiolonolona fa hiara-hiasa, araka ny Sitrapon'Andriamanitra, daholo ny mino rehetra – *personne ne s'isole mais tous agissent en synergie dans le respect total de la Volonté de Dieu*
 - ✓ tsy hisy hihoa-pefy fa hanaiky tanteraka ny Sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny Fiangonana – *chacun accepte de se soumettre à la Volonté de Dieu*

Vavaka tarihin'i pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 163, 1-2 : He, Jesosy tokintsika

1. He, Jesosy tokintsika Tompon'ny fiainana
Tonga eto amintsika olon-kovangiana
Izy no hitory Teny soa mahavelona
Fa ny Ainy no nomeny mba ho solo-voina.
2. Andrandraonao ka andraso ny Mazava lehibe !
Dia ilay tsy hita maso : Mpanazava, Mpanome
Fa ny ainao dia ho very raha tsy arahinao
Ilay Mpanjaka manan-kery izay nanavotra anao.

Fizaràna 2 : MIORINA AMIN'NY FAMONJEN'I JESOSY TOMPO **Partie 2 : ENRACINE DANS LE SALUT**

Texte 2 : Jao. (Jean) 20, 11-18 :

11 Fa Maria nijanona nitomany teo ivelan'ny fasana. Ary raha nitomany izy, dia niondrika nitsirika ny tao am-pasana 12 ka nahita anjely roa nitafy lamba fotsy nipetraka teo : ny anankiray teo an-doha tamin'ilay nandrian'ny fatin'i Jesosy, ary ny anankiray teo an-tongotra. 13 Ary hoy ireo taminy : « Ravehivavy, nahoana ianao no mitomany » ? Dia hoy izy taminy : « Satria nalain'olona ny Tompoko ka tsy fantatro izay nametrahany Azy ». 14 Rehefa nilaza izany izy, dia nitodika, ka nahita an'i Jesosy nitsangana teo, nefa tsy fantany ho Jesosy. 15 Hoy i Jesosy taminy : « Ravehivavy, nahoana ianao no mitomany ? Iza no tadiavinao » ? Nataony fa mpiandry saha izy, ka hoy izy taminy : « Tompoko, raha ianao no naka Azy teto : lazao amiko izay nametrahanao Azy, ary izaho dia haka Azy ». 16 Hoy i Jesosy taminy : « Ry Maria » ! Dia nitodika izy ka niteny taminy nanao teny Hebreo hoe : « Rabôny » ! izany hoe : « Mpampianatra ô » ! 17 Hoy i Jesosy taminy : « Aza manendry Ahy fa tsy mbola niakatra tany amin'ny Ray Aho. Fa mandehana mankany amin'ny rahalahiko ka lazao aminy hoe : « Miakatra ho any amin'ny Raiko sy ny Rainareo Aho, ary ho any amin'Andriamanitro sy Andriamanitrareo ». 18 Dia tonga Maria Magdalena ka nilaza tamin'ny mpianatra hoe : « Efa nahita ny Tompo aho », sady izany teny izany no nolazainy taminy.

11 Cependant, Marie se tenait dehors près du tombeau et pleurait. Tout en pleurant, elle se pencha pour regarder dans le tombeau, 12 et elle vit deux anges habillés de blanc assis à la place où avait été couché le corps de Jésus : l'un à la tête et l'autre aux pieds. 13 Ils lui dirent :

« Femme, pourquoi pleures-tu » ? Elle leur répondit : « Parce qu'ils ont enlevé mon Seigneur et je ne sais pas où ils l'ont mis ». **14** En disant cela, elle se retourna et vit Jésus debout, mais elle ne savait pas que c'était Lui. **15** Jésus lui dit : « Femme, pourquoi pleures-tu ? Qui cherches-tu » ? Pensant que c'était le jardinier, elle Lui dit : « Seigneur, si c'est Toi qui l'as emporté, dis-moi où Tu L'as mis et j'irai Le prendre ». **16** Jésus lui dit : « Marie » ! Elle se retourna et Lui dit en hébreu : « Rabbouni » !, c'est-à-dire « maître » ! **17** Jésus lui dit : « Ne Me retiens pas car Je ne suis pas encore monté vers mon Père. Mais va trouver mes frères et dis-leur que Je monte vers mon Père et votre Père, vers mon Dieu et votre Dieu ». **18** Marie de Magdala alla annoncer aux disciples qu'elle avait vu le Seigneur et qu'Il lui avait dit cela.

Toriteny 2 : Ny miorina amin'ny Tompo dia miorina amin'ny Famonjen'i Jesosy Kristy – Prédication 2 : S'enraciner dans le Seigneur c'est s'enraciner dans le Salut de Jésus-Christ :

A/ Ny amin'i Maria Madalena – Concernant Marie Madeleine :

1. Nositrinin'i Jesosy tamin'ny fanahy ratsy 7 – *Jésus l'a guéri de 7 démons* (Lio. - Luc 8, 2)
2. Nanara-dia an'i Jesosy, niaraka tamin'ny vehivavy hafa, ka nanompo Azy (miantena, mahandro, manasa lamba) tamin'ny fananany – *a suivi Jésus et ,avec d'autres femmes, assistaient Jésus de leurs biens* (Lio. - Luc 8, 3)
3. Niorina teo amin'i Jesosy ny fiainany manontolo ka nitady an'i Jesosy mandrakariva izy – *toute sa vie était construite autour de Jésus et elle Le cherchait toujours*

B/ Miseho amin'izay mitady Azy i Jesosy – Jésus se montre à ceux qui Le cherchent :

1. Niseho taminy – *s'est montré* :
 - a. Nampifaly = velona indray ny fanantenana – *a provoqué de la joie = l'espoir revient*
 - b. Nampahery – *a réconforté* =
 - i. namela heloka – *a pardonné les péchés,*
 - ii. namerina ny fitokisana – *a remis la confiance*
 - c. nanondro lalana – *a donné des indications* :
 - i. nampahafantatra izay tokony hotandremana – *a expliqué ce qu'il ne fallait pas faire*
 - ii. naniraka – *a envoyé*
2. Naniraka azy – *l'a envoyé* :
 - a. hitory ny Filazantsara – *prêcher l'Évangile,*
 - b. ho vavolombelon'i Jesosy nitsangana tamin'ny maty – *pour témoigner de la Résurrection de Jésus*

C/ Tsy manam-piorenana hafa ankoatra ny Hazo-Fijaliana – L'Église n'a pas d'autre ancrage à part la Croix :

1. Tsy misy Famonjena hafa ankoatra ny Hazo-Fijaliana = tsy afaka miantehitra amin-javatra na olona na hevitra hafa ankoatra ny Hazo-Fijaliana – *Il n'y a pas d'autre possibilité de Salut à part la Croix = nous n'avons pas la possibilité de nous appuyer sur des gens ou sur des idées à part la Croix*

2. Izany Hazo-Fijalian'i Jesosy Kristy, Famonjena antsika, izany no Sitrapon'Andriamanitra ho ahy sy ho anao – *C'est cette Croix de Jésus-Christ, notre Salut, qui est la Volonté de Dieu pour toi et pour moi*
3. Ny fanambarana an'io no toriteny – *la prédication n'est rien d'autre que l'annonce de cela* :
 - a. voahombo teo amin'ny Hazo-Fijaliana i Jesosy Kristy – *Jésus-Christ a été crucifié* :
 - i. maty teo Izy – *Il y est mort*
 - ii. teo no nitondrany ny helotsika sy ny momba izany rehetra – *Il y a porté nos péchés ainsi que tous ses attributs*
 - b. nitsangana tamin'ny maty anefa Izy – *mais Il est Ressuscité* :
 - i. ka niseho tamin'ny mpianany mba tsy hampiroaroa saina antsika fa VELONA IZY – *Il s'est montré à ses disciples pour ne plus qu'ils doutent de sa Résurrection*
 - ii. ka mampianatra antsika fa IZY IRERY IHANY NO AZO ANTOKA HAMONJY ANTSIKA satria na ny fahafatesana aza tsy manam-pahefana Aminy – *Il veut nous convaincre qu'IL EST LE SEUL DGINE DE CONFIANCE POUR NOUS SAUVER car même la mort n'a pas d'emprise sur Lui*
 - iii. mba hampiseho antsika fa :
 - resiny ny devoly sy ny asany rehetra ary ny fombany rehetra – *pour nous montrer qu'il a vaincu le diable avec toutes ses œuvres et tous ses procédés,*
 - ny Hazo-Fijalian'i Jesosy Kristy no Hazom-piainana ho antsika – *la Croix de Jésus est devenue source de vie pour nous*

Vavaka isan-tokan-trano - Prière familiale :

- ho an'ireo marary : mba – *pour les malades : pour que* :
 - hihaonany amin'ny Tompo Jesosy handraisany fampaherezana avy Aminy – *ils puissent rencontrer le Seigneur Jésus afin qu'Il les reconforte*
 - hiorenany amin'ny fanantenana ny Famonjen'ny Tompo ka handraisany fanasitranana – *ils ne fondent leur espoir qu'au Salut opéré par le Seigneur pour leur guérison*
- ho an'ireo mpitsabo : mba – *pour les soignants : afin que* :
 - hampaherezan'ny Tompo azy ireny – *le Seigneur les reconforte*
 - hitokiany amin'ny Tompo – *ils mettent leur confiance dans le Seigneur*
- ho an'ireo namoy havan-tiana : mba – *pour ceux qui sont dans le deuil : afin que* :
 - hahita ny fiononany ao amin'ny Tompo Jesosy izy ireo – *ils trouvent leur consolation dans le Seigneur Jésus*
 - hahatsapa fa miara-miaina ny fahoriana aminy i Jesosy Tompo ka mampahery azy – *ils sentent la présence du Christ à leur côté aussi dans ces moments difficiles*

Vavaka tarihin'i pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 106, 2-3 : Indro ny Fitiavana nijaly :

2. Indro, ny Fitiavana mahery
Nitondra ny heloky ny olony
Izy niady hanafaka ny very
Ny Ainy no avotra ka natolony.

3. Izay nijaly mafy tao Golgota
Voahombo ny tongotra aman-tanany
Izy nisolo antsika izay mpanota
Ka fadiranovana ny fanahiny.

Fizaràna 3 : MIORINA EO AMIN' I JESOSY TOMPO AMIN' NY FIAINAM-PANOMPOANA

Partie 3 : ENRACINE EN JESUS DANS LE SERVICE

Texte 3 : Mat. 28, 16-20 :

16 Ary ny mpianatra iraka ambin'ny folo lahy dia nankany Galilia, ho any amin'ilay tendrombohitra nasain'i Jesosy halehany. 17 Ary nony nahita Azy izy, dia niankohoka, fa ny sasany niahanahana. 18 Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe : « Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany. 19 Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra : manao batisa azy ho amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina 20 sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo. Ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.

16 Les onze disciples allèrent en Galilée, sur la montagne que Jésus leur avait désignée. 17 Quand ils Le virent, ils se prosternèrent [devant Lui], mais quelques-uns eurent des doutes. 18 Jésus s'approcha et leur dit : « Tout pouvoir m'a été donné dans le ciel et sur la terre. 19 Allez [donc], faites de toutes les nations des disciples : baptisez-les au nom du Père, du Fils et du Saint-Esprit 20 et enseignez-leur à mettre en pratique tout ce que je vous ai prescrit. Et Moi, Je suis avec vous tous les jours, jusqu'à la fin du monde ».

Toriteny 3 : ny asa, ny fepetra ary ny fanoloran-tena – Prédication 3 : l'œuvre, les conditions et le don de soi pour le service de Dieu :

A/ Ny asa – L'œuvre de Dieu :

Misy zavatra nandidian'i Jesosy Tompo antsika, dia ny handeha hiasa (hanompo Azy) ka hahatonga ny firenena rehetra ho mpianany ! Ho amin'izany dia nosoritan'i Jesosy Tompo mazava ny lalana izorana – *Le Seigneur Jésus nous demande d'œuvrer (Le servir) pour convertir les peuples ! Pour cela, le Christ a bien esquissé l'itinéraire :*

1. manao batisa azy ho amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina – *les baptisant au nom du Père, du Fils et du Saint-Esprit :*
 - a. Batisa tokana no atao sy iainana ary ampianarina, araka ny Teny ao amin'ny Efes. 4, 5 manao hoe : « iray ny Tompo, iray ny finoana, iray ny Batisa » - *Il s'agit d'un seul baptême : c'est ce que nous vivons, ce que nous faisons et ce que nous enseignons, en conformité avec Ephés. 4, 5 qui dit « Il y a un seul Seigneur, une seule foi, un seul baptême »*
 - b. Batisa andraisam-Pamonjena izany ka anoloran'ny TOMPO Andriamanitra ny – *ce baptême est source de Salut où Dieu nous offre :*
 - i. fananganana anaka (fahateraham-baovao) - *l'adoption (naître de nouveau)*
 - ii. fandevonana ny ota amin'ny herin'ny fanamarinana – *l'ensevelissement des péchés par la Puissance de la justification*

- iii. fanamasinana (fanomezany ny Fanahy Masina) – *la sanctification (le don du Saint-Esprit)*
2. mampianatra azy hitandrina ny Didin’Andriamanitra araka ny nampianaran’i Jesosy azy. Izany no mahatonga ny Fiangonana tsy maintsy hangetaheta sy hihazakazaka amin’ny – *leur apprendre « à mettre en pratique tout ce que [Jésus nous a] prescrit »* :
 - a. fianarana ny Tenin’Andriamanitra – *l’apprentissage de la Parole de Dieu*
 - b. fitaizana ny ondrin’Andriamanitra amin’ny finoana marina sady velona – *éducation pour l’édification des fidèles dans la foi véritable et vivante*
 - c. fankatoavana ny Sitrapon’Andriamanitra – *respect de la Volonté de Dieu*

B/ Ny fepetra – Les conditions :

Tsy manana anjara hafa ankoatra an’izany isika Fiangonana. Misy fepetra roa anefa tsy maintsy ho tandrovana fatratra – *L’Eglise n’a aucune autre part. Pourtant, il y a deux conditions à respecter absolument :*

1. tsy mahazo mihoa-pefy ny Fiangonana ka hangalatra ny Voninahipanjakan’Andriamanitra, araka ny 1 Pet. 5, 2-3 manao hoe : « Andraso ny ondrin’Andriamanitra izay eo aminareo, mitandrina azy tsy an-tery fa amin’ny sitrapo [araka an’Andriamanitra], tsy amin’ny fitiavana harena maloto fa amin’ny zotompanahy, tsy ho mpanjakazaka amin’ny anjara-fiandrasana fa ho fianaran’ny ondry » – *l’Eglise n’a pas le droit d’aller au-delà de la Volonté de Dieu, autrement, elle se substituerait à Dieu, selon ce qui est écrit dans 1 Pi. 5, 2-3 qui dit ceci : « prenez soin du troupeau de Dieu qui est sous votre garde [en veillant sur lui] non par contrainte mais de bon gré, [selon Dieu]. Faites-le non par recherche d’un gain mais avec dévouement, non en dominant sur ceux qui vous sont confiés mais en étant les modèles du troupeau »*
2. tahaka ny Tompontosika dia tsy mahazo mijanona isika, na mitsoaka an-daharana, raha tsy vita ny asa, araka ny Tenin’i Jesosy ao amin’ny Jao. 4, 34 manao hoe : « Ny haniko, dia ny manao ny Sitrapon’izay naniraka Ahy sy ny mahavita ny asany » - *à l’instar de notre Seigneur, nous n’avons pas le droit de nous arrêter en chemin, ni d’abandonner, tant que l’œuvre n’est pas accomplie, selon ce que Jésus dit dans Jean 4, 34 qui dit « Ma nourriture est de faire la volonté de celui qui m’a envoyé et d’accomplir son œuvre »*

C/ Ny fanoloran-tena – Le don de soi pour le service de Dieu :

Takian’ny asa sy ny fepetra hahavitana ny iraka nampanaovin’i Jesosy Kristy Tompo antsika io. Kanefa tsara ny manamarika fa – *Cela est exigé par l’œuvre et les conditions, demandées par la Volonté de Dieu, pour les mettre à exécution. Mais, n’oublions pas les remarques suivantes :*

1. ametrahan’i Jesosy Tompo, ilay nitsangana tamin’ny maty, ny Fahefany rehetra izany. Ka ny fiainan’ny Fiangonana izany dia maneho ny – *le Seigneur Jésus, le Réssuscité, met dessus tout son Pouvoir. Vivre cela, c’est montrer :*
 - a. fankatoavany an’i Jesosy, Tompon’ny « fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany », ho tena « Mpanjaka » eo amin’ny fiainany tokoa – *l’acceptation de Jésus, à qui « tout pouvoir a été donné dans le Ciel et sur la terre », en tant que véritable roi qui règne sur sa vie*
 - b. Voninahitr’i Jesosy Kristy, ilay Maty nefa Velona indray – *la Gloire de Jésus-Christ, Celui qui est mort mais est Réssuscité*

2. mila firaisana lalim-paka, nosafidiana sy neken'ny fo, amin'ilay Jesosy Kristy, efa nandresy ny fahafatesana, izany. Hoy ny Rom. 12, 1-2 : « mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany. Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao fa miova amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina » - *cela requiert une totale communion, choisie et acceptée dans le cœur, avec Jésus-Christ, Celui qui a vaincu la mort. Rom. 12, 1-2 nous apprend ceci : « Je vous encourage donc, frères et sœurs, par les compassions de Dieu, à offrir votre corps comme un sacrifice vivant, saint, agréable à Dieu. Ce sera de votre part un culte raisonnable. Ne vous conformez pas au monde actuel, mais soyez transformés par le renouvellement de l'intelligence afin de discerner quelle est la volonté de Dieu, ce qui est bon, agréable et parfait »*
3. mitaky fiorenana lalina sy tanteraka eo amin'i Jesosy Kristy Tompo izany, araka ny Rom. 6, 13 manao hoe : « ary aza manolotra ny momba ny tenanareo ho amin'ny ota ho fiadian'ny tsi-fahamarinana, fa atolory ny tenanareo ho an'Andriamanitra, toy ny efa maty nefa velona, ary ny momba ny tenanareo ho fiadian'ny fahamarinana ho an'Andriamanitra » - *cela nécessite un ancrage profond et sans équivoque au Seigneur Jésus-Christ, selon ce qui est écrit dans Rom. 6, 13 : « Ne mettez plus vos membres au service du péché comme des instruments de l'injustice, mais au contraire livrez-vous vous-mêmes à Dieu comme des morts revenus à la vie et mettez vos membres à son service comme des instruments de la justice »*

Vavaka isan-tokan-trano - Prière familiale :

- ho an'ireo mitondra antsika : mba – *pour nos dirigeants : afin que :*
 - ho amin'ny fanompoana ny Tompo no hitondrany ny vahoaka malagasy – *ils conduisent le peuple malgache dans le service du Seigneur*
 - hatahotra an'Andriamanitra ka – *ils respectent Dieu afin qu'ils :*
 - ✓ tsy hangala-pahefana – *n'abusent pas de leur pouvoir*
 - ✓ hankatoa ny Didin'Andriamanitra ho amin'ny fiaraha-monina kosa – *respectent les Commandements de Dieu pour la société*
- ho an'ireo mpitandrina : mba – *pour les pasteurs : pour que :*
 - hiorina tanteraka eo amin'i Jesosy Kristy izy ireo ka handray ny heriny hifaliany amin'ny Tompo Jesosy – *ils s'enracinent totalement en Jésus-Christ afin qu'ils y puisent leur force et qu'ils y trouvent leur joie*
 - ho tena fanompoana tokoa ka – *leur service les emmène à :*
 - ✓ itoriany marina sy madio ny Tenin'Andriamanitra – *prêcher en toute vérité et toute pureté la Parole de Dieu*
 - ✓ hitaizany ny Fiangonana araka ny Sitrapon'Andriamanitra – *éduquer l'Eglise à la volonté de Dieu*
- ho an'ireo fianakaviansika : mba – *les membres de nos familles : afin que :*
 - hialany amin'ny fahavetavetam-piainana lavitra ny Tompo – *ils quittent la vie d'iniquité, loin du Seigneur*
 - ho arovan'Andriamanitra amin'ny loza sy ny ratsy ary ny fahotana – *Dieu les protège des dangers, du mal ainsi que du péché*

- hangetaheta fiorenana eo amin'ny Tompo Jesosy ka hahazo izany avy amin'ny Tompo – *ils aient soif de s'enraciner en le Seigneur Jésus et qu'ils l'obtiennent de la part su Seigneur*

Vavaka tarihin'i pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 432 , 1-2 : Mandra-piavin'ny Tompo :

1. Mandra-piavin'ny Tompo mivavaha,
Ny Teny tsara nomeny tadidio :
Ny adidinao , tontosay sy efao
Mijery ny ataonao ry Ray.

Fiverenana : *Raha mpanompo tsara ianao,
He, ny Tompo faly amina,
Koa tanteraho ireo adidinao,
Mba ho mpanompo mahaso.*

2. Mandra-piavin'ny Tompo miasà
Ampitomboy ireo talenta azonao,
Vola, fahaizana, aina, hery koa
No anompoy ny Tompo Tsitoha.

FANDRAVONANA (POUR CONCLURE) : Kol. (Col.) 2, 6-12 :

6 Koa tahaka ny nandraisanareo an'i Kristy Jesosy ho Tompo, dia mandehana ao Aminy araka izany koa, 7 ka mamaka tsara sy miorina mafy ao Aminy ary tafatoetra amin'ny Finoana, toy ny efa nampianarana anareo, ka mazoto [mitombo amin'izany] amin'ny fisaorana.

8 Tandremo fandrao misy mahalasa anareo ho babony amin'ny filôzôfia sy ny famitahana foana, araka ny fampianarana voatolotry ny razana, araka ny abidim-pianaran'izao tontolo izao, fa tsy araka an'i Kristy. 9 Fa ao amin'ny Tenany no itoeran'ny fahafenoan'ny fomban'Andriamantra rehetra. 10 Ary ianareo dia tanteraka ao Aminy, sady lzy no Lohan'ny fanapahana sy ny fahefana rehetra. 11 Ary tao Aminy koa no namorana anareo tamin'ny famorana tsy nataon-tanana tamin'ny fanesorana ny tenan'ny nofo, dia tamin'ny famoran'i Kristy. 12 Fa niara-nilevina Taminy ianareo tamin'ny Batisa, izay niarahanareo natsangana Taminy koa noho ny Finoana ny Asan'Andriamanitra, izay nanangana Azy tamin'ny maty

6 Ainsi donc, tout comme vous avez accueilli le Seigneur Jésus-Christ, marchez en Lui. 7 Soyez enracinés et fondés en Lui, affermis dans la Foi telle qu'elle vous a été enseignée, et soyez-en riches en exprimant votre reconnaissance à Dieu.

8 Faites attention que personne ne vous prenne au piège par la philosophie, par des tromperies sans fondement qui s'appuient sur la tradition des hommes, sur les principes élémentaires qui régissent le monde, et non sur Christ. 9 En effet, c'est en Lui qu'habite corporellement toute la plénitude de la divinité. 10 Vous avez tout pleinement en Lui, qui est le chef de toute domination et de toute autorité. 11 C'est en Lui aussi que vous avez été circoncis d'une circoncision qui n'est pas faite par la main de l'homme, mais de la circoncision de Christ, qui consiste à vous dépouiller du corps de votre nature pécheresse. 12 Vous avez en effet été ensevelis avec Lui par le Baptême et vous êtes aussi ressuscités en Lui et avec Lui, par la Foi en la Puissance du Dieu qui L'a ressuscité.

VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO – NOTRE PERE

Hira (Chant) chorale

Tso-drano - Bénédiction : 2 Kor. (Cor.) 13, 14 : Ho aminareo anie ny Fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompo sy ny Fitiavan'Andriamanitra [Ray] ary ny firaisana amin'ny Fanahy Masina. Amen !
Que la grâce du Seigneur Jésus-Christ, l'amour de Dieu et la communion du Saint-Esprit soient avec vous tous. Amen !

Fanirahana - Envoi : Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontsika amin'ny Fifaliana. Isaorana anie Andriamanitra. Amen ! *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie. Gloire soit rendu à Dieu. Amen !*